# Ilay Voa Tsara Nafafy 13 Novambra 2018

# 13 Talata novambra

**Ary tonga Izy *(Jesosy)* ka nitory teny soa mahafaly milaza fihavanana.** Efesiana 2. 17

**Mankanesa atỳ amiko — Mihainoa, dia ho velombelona ny fanahinareo.** Isaia 55. 3

**Ny feon'Andriamanitra**

— Fantatrao ve, tompoko, ny Filazantsara ?

— Tsy mahaliana ahy izany... Ny fiainana aza, efa manahirana.

— Ilay Mpahary antsika anie no miteny amin'ny alalan'ny Filazantsara e ! Iza, ankoatra an'Andriamanitra, no afaka miresaka tsara ny momba ny fiainana ?

— Tsy mahaliana ahy ny resaka fivavahana... Efa lany andro izany rehetra izany !

— Tsy fivavahana no resahin'ny Baiboly, fa fiainana. Ambarany fa tsy mifarana eo amin'ny fasana ny zava-drehetra. Aleo ihany manokana fotoana kely mba hahafantarana ; ahazoana tombony ny mamaky ny Filazantsara, mba hahalalana izay lazain'i Jesosy Kristy sy izay atorony : „Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesosy Kristy, Izay efa nirahinao" (Jaona 17. 3).

Miresaka fiainana mandrakizay Jesosy Kristy, dia hoy ianao hoe : tsy mahaliana ahy izany ? Jesosy dia miresaka famelan-keloka, fiadanana, fifaliana, fanantenana ; kanefa tsy ahoanao akory ?

Tsy hoe mahaliana fotsiny ny fiainana atolotr'i Jesosy anao, fa tena fototra mihitsy. Olona an-tapitrisany no efa nanandrana izany. Tamin'ireo tenin'i Kristy no nahafantaran'izy ireo ny feon'Andriamanitra. Nisy koa, tamin'izy ireo, nanohitra ny Filazantsara, na tsy niraika tamin'izany. Ny sasany nihevitra hoe : „Lany andro izany", na „tsy mahaliana ahy izany". Indray andro anefa izy ireo dia nahafantatra ny hafatra manambara ny fahamarinana, ka niova tanteraka ny zavatra rehetra, ho azy ireo. Naha tonga saina azy ireo ny fitiavan'Andriamanitra, satria efa nitia antsika fatratra Izy ka naniraka mihitsy an'i Jesosy Zanany ho eto amin'izao tontolo izao, mba hahavelona antsika amin'ny alalany (1 Jaona 4. 9).